

MINISTERAN'NY FITATANAM-BOLA  
SY NY TETI-BOLA

-----  
SEKRETERIA JENERALY

-----  
FIADIDIAN DRAHARAN' NY HETRA

**FANAPAHANA** laharana faha **07**-MFB/SG/DGI

Ho fampiharana ny fepetry ny andininy 01.03.07, 01.03.08 sy 01.03.16 ny Fehezan-dalàna Ankapobe momba ny Hetra mikasika ny fikajiana ny vola miditra ankapobeny sy ny tombontsoa tsy raisina lelavola omena ny mpikarama sy amin'ny hetra voalaza araka ny drafy-mariky ny IRSA.

**NY MINISITRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA**

Araka ny Lalampnanorenana;

Araka ny Lalàna laharana 2007-033 tamin'ny 14 Desambra 2007 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana 2008;

Araka ny Fehezan-dalàna Ankapobe momba ny Hetra indrindra ao amin'ny andininy 01.03.08 sy 01.03.16;

**DIA MANAPAKA:**

**Andininy voalohany** : Ity Fanapahana ity dia dia mametra ny fomba fampiharana ny andininy 01.03.07, 01.03.08 sy 01.03.16 ny Fehezan-dalàna Ankapobe momba ny Hetra araka ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana 2008 mikasika ny fomba fikajiana ny vola miditra ankapobeny sy ny tombontsoa tsy raisina lelavola omena ireo mpikarama amin'ny orinasa sy amin'ny hetra voalaza araka ny drafy-mariky ny hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy.

**Andininy faharoa** : Ny karama raisin'ny mpiasa dia misy ny lelavola ary misy ny tsy lelavola.

**Andininy fahatelo** : Ny tambin'asa raisin'ny mpiasa dia : ny fivelemana , ny karama, ny tambin-karama raikitra na miovaova, ny fali-po raikitra na miovaova sy ny fidiram-bola raisina mandrapahafaty.

**Andininy fahefatra** : Ny tambin'asa tsy raisina lelavola omena ny mpikarama dia ny fanaka hofana na fananan'ny mpampiasa na rahraha raisiny ho andraikiny ka omena ny mpiasa maimaimpoana na amin'ny vidiny ambany. Ny tombontsoa tsy lelavola dia heverina ho anisan'ny karama ary voan'ny hetra noho izany. Izany dia tomanana araka ny **sandany tena izy**.

**Andininy fahadimy** : Mikasika ny fiarakodia, raha toa ka ny fiaran'ny orinasa omena ampiasan'ny mpiasa ho an'ny asany no sady ho an'ny filany manokana , io farany io dia miendrika tombontsoa tsy raisina lelavola ka ny sandan'izany dia ampiana ao amin'ny karama voan'ny hetra ka tomanana araka ny fandanian'ny orinasa tamin'ny fiantohana, ny fanavotam-bidy, ny solika, ny fikojakojana sy fanamboarana ny fiara (vola arotsaka amin'ny kaonty 61 sy 62 ny PCG2005).

Ny fanombanana dia tokony hatao mandritra ny volana manaraka nanaovana ny fandania, tsy ao anatin'izany ny fanavotam-bidy faka isan-taona sy tombontsoam-piantohana izay tamin'io volana io.

**Andininy fahenina** : Ny tombontsoa omena ny mpiasa tsy voalazan'ny paragirafy telo voalohan'ny andalana 1 ny andininy 01.03.08 dia ampidirina ao anatin'ny "tombontsoa tsy raisina lelavola hafa".

**Andininy fahafito** : Ny filazana fanao isam-bolana dia tokony ampiarahana amin'ny taratasy mirakitra ny tomban'ny tombontsoa tsy raisina lelavola ho an'izay mahazo izany tsirairay.

**Andininy fahavalo** : Ny hetra voafetra araka ny drafi-mariky ny IRSA dia heverina ho hetra fandoa farafahakeliny isaky isaky ny ampahan'ny vola miditra voan'ny hetra. Araka izany, ny fampihenana-ketra noho ny olona iantsorohana dia tsy mihatra afatsy amin'ny vola miditra mihoatra ny Ar 180.000 voan'ny hetra.

**Andininy fahasivy** : Ny Tale Jeneralin'ny Hetra no miandraikitra ny fampiharana ity Fanapahana ity, izay hosoratana sy hampahafantarina any amin'izay rehetra ilàna azy.

Antananarivo, faha 21 janoary 2008

NY MINISITRY NY FITATANAM-BOLA SY NY TETI-BOLA

RAZAFINJATOVO Haja Nirina